

# REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

*Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana*

## LOI n° 2005 - 004

autorisant la ratification de la Convention de Stockholm  
sur les Polluants Organiques Persistants

### EXPOSE DES MOTIFS

Au cours des 40 dernières années, on a progressivement pris conscience des menaces que les rejets croissants des substances chimiques de synthèse font peser sur l'environnement de la planète et la santé humaine. Aussi la Communauté Internationale s'intéresse-t-elle particulièrement à une catégorie de substances regroupées sous l'appellation de « Polluants Organiques Persistants ». Les Polluants Organiques Persistants régis par cette Convention sont au nombre de douze. Neuf d'entre eux sont des pesticides tels que l'Aldrine, Endrine, Dieldrine, Heptachlore, Toxaphène, Mirex, Chlordane, Hexachlorobenzène, DDT. Deux produits chimiques industriels : Polychlorobiphényle (PCBs) et Hexachlorobenzène également utilisé comme pesticide, et deux sous produits involontaires : dioxine et furanne.

Les Polluants Organiques Persistants (POPs) sont particulièrement dangereux pour les raisons suivantes :

- ils persistent dans l'environnement pendant de longues périodes avant de se décomposer en substances moins dangereuses ;
- ils se déplacent sur des longues distances et se trouvent dans toutes les régions du globe, même dans des zones situées à des milliers de kilomètres de leur source ;
- ils s'accumulent dans les tissus de la plupart des organismes vivants, qui les absorbent en même temps que les aliments dont ils se nourrissent, l'eau qu'ils boivent ou l'air qu'ils respirent ;
- ils sont toxiques pour l'Homme ainsi que pour la faune et flore sauvage, et leurs effets nocifs sont multiples ;
- l'exposition des êtres humains aux Polluants Organiques Persistants provoque un risque accru de cancer, de malformations congénitales ou de stérilité. Elle peut affaiblir sa résistance aux maladies, voire diminuer ses facultés intellectuelles.

En 1990, plusieurs recherches ont montré que le niveau de concentration des POPs dans l'environnement ne cesse d'augmenter et il faut une action internationale pour réduire ce niveau de concentration.

Le PNUE qui est un organisme international oeuvrant dans l'environnement et les produits chimiques a mené une action internationale pour protéger la santé humaine et l'environnement en adoptant des mesures visant à réduire, voire éliminer, les émissions et les rejets des Polluants Organiques Persistants.

Par ailleurs, le Sommet à Johannesburg concernant les produits chimiques et les pesticides recommande de produire et d'utiliser avant 2020 des produits chimiques ayant peu d'effet néfaste sur la santé humaine et l'environnement, de développer une approche stratégique de gestion internationale des produits chimiques basée sur la Déclaration de Bahia sur la sécurité chimique.

Aujourd'hui, tous les pays sont conscients que les POPs constituent une grave menace pour la santé et l'environnement. Madagascar a signé la Convention de Stockholm sur les Polluants Organiques Persistants le 24 septembre 2001. Quelques études ont montré que Madagascar n'est pas à l'abri des effets des POPs aussi bien sur l'environnement et la santé humaine.

La Convention a aussi tenu compte de la situation et des besoins particuliers des pays en développement comme Madagascar et des pays à économie en transition, en particulier, de la nécessité de renforcer les capacités nationales de gestion des produits chimiques, notamment au moyen de transfert des technologies, d'une aide financière et technique et de la promotion de la coopération entre les parties.

Pour préserver la pratique de gestion des Polluants Organiques Persistants, il est nécessaire :

- de mettre fin aux rejets et à l'utilisation des POPs ;
- d'appuyer l'adoption progressive des substances de remplacement moins dangereux ;
- d'éliminer les anciens stocks et équipement contenant des POPs ;
- de protéger la santé des personnes, notamment celles des consommateurs et des travailleurs, ainsi que l'environnement, contre les incidences néfastes des produits chimiques et pesticides dangereux.

La présente Convention ne doit être interprétée comme entraînant de

quelque manière une modification des droits et obligations d'une partie au titre d'un accord international en vigueur applicable aux produits chimiques.

Aussi, la présente Convention a-t-elle pour objectif de protéger la santé humaine et l'environnement contre les effets des Polluants Organiques Persistants.

Tel est l'objet de la présente Loi.

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**

*Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana*

**LOI n° 2005 - 004**

autorisant la ratification de la Convention de Stockholm  
sur les Polluants Organiques Persistants

L'Assemblée nationale et le Sénat ont adopté en leur séance respective en date du 7 et 22 juin 2004, la Loi dont la teneur suit :

**Article premier.**- Est autorisée la ratification de la Convention de Stockholm sur les Polluants Organiques Persistants.

**Article 2.**- La présente Loi sera publiée au Journal Officiel de la République, elle sera exécutée comme Loi de l'Etat.

Antananarivo, le 22 juin 2005

**LE PRESIDENT DE L'ASSEMBLEE NATIONALE**

**Par intérim**

**LE PRESIDENT DU SENAT**

**Par intérim**

**RAZOARIMIHAJA Solofonantenaina**

**RAMILISON Max**

## REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

*Tanindrazana- Fahafahana - Fandrosoana*

### **Lalàna laharana faha-2005 - 004**

anomezan-dalana ny fankatoavana ny Fifanarahana natao tany Stockholm mikasika ireo akoran-javatra simika matanjaka mandoto ny tontolo iainana

#### **FAMELABELARANA NY ANTONANTONY**

Taorian'ny efapolo taona farany dia tsapa miandalana fa misy loza manambana avy amin'ny fanariana ireo akora simika fandravonana eo amin'ny tontolon'ny planeta sy ny fahasalaman'ny olona. Noho izany, ny vondrona iraisam-pirenena dia mitodika manokana any amin'ny sokajinà vondron'akora izay antsoina hoe « akoran-javatra simika matanjaka mandoto ny tontolo iainana ». Ireo akoran-javatra simika matanjaka mandoto ny tontolo iainana ireo, izay fehezin'ity fifanarahana ity, dia miisa roa ambin'ny folo. Ny sivy amin'izany dia fanafody famonoana biby mpanimbany biby sy ny voly, toy ny Aldrine, endrine, Dieldrine, Heptachlore, Toxaphène, Mirex, Chlordane, Hexachlorobenzène, DDT. Ny roa dia akora simika ara-indostrialy : ny Polychlorobiphényl (PCBs) sy ny hexachlorobenzène izay ampiasaina koa ho toy ireo fanafody famonoana biby manimba ny biby sy ny voly ary zanaka akora roa tsy niniana : dioxine sy furanne.

Ireo akoran-javatra simika matanjaka mandoto ny tontolo iainana ireo (POPs) ireo dia tena mampidi-doza manokana noho ireto antony manaraka ireto :

- mamikitra eo amin'ny tontolo iainana mandritra ny fe-potoana lava izy ireo mialoha ny fiovany ho tsy dia mampidi-doza ;
- mifindrafindra amin'ny halaviran-tany lava be izy ireo ary hita amin'ny faritra maron'ny bolabolan-tany, eny na dia izay any amin'arivon'ny kilometatra miala amin'ny toerana nipoirany aza ;
- mitangorona ao amin'ny nofon'ny sasantsasany amin'ny zava-manan'aina izay mitsentsitra azy ireny miaraka amin'ny sakafo haniny, ny rano sotroiny na ny rivotra fohany ;

- mampidi-doza ho an'ny olona ary koa ho an'ny ankapoben'ny biby sy ny zava-maniry tsy mbola voatrandraka izy ireo ary betsaka ireo voka-dratsy aterany ;
- ny fisehoan'ny olona ireo akoran-javatra simika matanjaka mandoto ny tontolo iainana ireo dia mampitombo betsaka ny mety ho fisehoan'ny homamiadana, ny fahasamponana any am-bohoka na ny fahamombana. Azony atao no manalafeka ny fiadian'izy ireo amin'ny aretina, indrindra ny mampihena ny fahafaha-mampiasa saina. Mety hanalefaka ny fahafahan'ny olona miady amin'ny aretina koa izy ireny, na koa mety hampihena ny faharanitan-tsainy mihitsy aza.

Tamin'ny taona 1990, fikarohana maro no nampiseho fa ny fetra eo amin'ny fitangoronan'ireo POPs eo amin'ny tontolo iainana dia tsy mitsahamitombo ary ilaina ny hetsika iraisam-pirenena hampihenana izany.

Ny PNUE izay fikambanana iraisam-pirenena miasa ho an'ny tontolo iainana sy ny akora simika dia nanao hetsika iraisam-pirenena mba hiarovana ny fahasalaman'ny olona sy ny tontolo iainana tamin'ny alàlan'ny fandraisana fepetra mikendry, ny hampiharana, indrindra ny fanafoanana, ny famokarana ary ny fanariana ireo zava-manan'aina mandoto ny tontolo iainana.

Ankoatra izany, ny Fivoriambe natao tany Johannesburg mikasika ireo akora simika sy fanafody iaidiana amin'ny biby manimba ny biby sy ny voly dia nanafatra ny amin'ny famokarana sy ny fampiasana alohan'ny 2020 ireo akora simika izay manana voka-dratsy kely eo amin'ny fahasalaman'ny olona sy ny tontolo iainana, ny famelabelarana ireo paikady mahomby mikasika ny fitantanana eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena ireo akora izay mifototra amin'ny Fanambaràna natao tany Bahia mikasika ny filaminana simika.

Ankehitriny, ny firenena rehetra dia mahatsapa fa ireo POPs ireo dia tena mitera-doza ho an'ny fahasalamana sy ny tontolo iainana. Madagasikara dia efa nanao sonia ny Fifanarahana natao tany Stockholm mikasika ireo akoran-javamatanjaka mandoto ny tontolo iainana tamin'ny 24 septambra 2001. Fandalinana vitsivitsy no nampiseho fa i Madagasikara dia tsy ho voaro amin'ny voka-dratsin'ny POPs na eo amin'ny lafiny tontolo iainana izany na eo amin'ny lafiny fahasalamana.

Ny Fifanarahana koa dia nisaina ny zava-miseho sy ny filàna manokan'ireo firenena an-dalam-pandrosoana toa an'i Madagasikara sy ireo firenena izay manana toekarena mandalo tetezamita, singanina amin'izany, ny ilàna ny fanamafisana orina ny fahafaha-manaon'ny firenena mikasika ny fitantanana ireo akora simika, indrindra ny fitaovana fampitana haitao,

fanampiana ara-bola sy ara-teknika ary ny fampiroboroboana ny fiaraha-miasa eo amin'ny andaniny sy ankilany.

Mba hiarovana ny fombafomba fitantanana ireo akoran-javatra simika matanjaka mandoto ny tontolo iainana, dia ilaina ny :

- fanajanonana ny fanariana sy ny fampiasana POPs ;
- fanohanana ny fanapahana miadana ireo akora mpisolo tsy dia mitera-doza ;
- fanafoanana ireo tahiry teo aloha sy fampitaovana misy POPs ;
- fiarovana ny fahasalaman'ny olona, indrindra ny an'ny mpanjifa sy ny mpiasa ary koa ny tontolo iainana amin'ny voka-dratsin'ireo akora simika sy ireo fanafody iadiana amin'ireo biby kely manimba ny biby sy ny voly tena mampidi-doza.

Izao Fifanarahana izao dia tsy azo adika ho mitarika ny fanovàna sasantsasany eo amin'ireo zo aman'andraikitry ny andaniny na ny ankilany iray ao anatina Fifanarahana iraisam-pirenena ampiharina amin'ireo akora simika.

Noho izany, ny tanjon'ity Fifanarahana ity dia hiaro ny fahasalaman'ny olona sy ny tontolo iainana amin'ny voka-dratsin'ireo akoran-javatra simika matanjaka mandoto ny tontolo iainana.

Izany no antonanton'ity Lalàna ity.

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA***Tanindrazana- Fahafahana - Fandrosoana***Lalàna laharana faha-2005 - 004**

anomezan-dalana ny fankatoavana ny Fifanarahana  
natao tany Stockholm  
mikasika ireo akoran-javatra simika matanjaka mandoto ny tontolo iainana

Nolanin'ny Antenimierampirenena sy ny Antenimierandoholona tamin'ny fivoriana izay nataony avy ny faha-7 sy faha-22 jona 2005, izao Lalàna manaraka izao :

**Andininy voalohany** .- Omen-dàlana ny fankatoavana ny Fifanarahana natao tany Stockholm mikasika ireo akoran-javatra simika matanjaka mandoto ny tontolo iainana.

**Andininy faharoa**.- Havoaka amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika izao Lalàna izao. Hotanterahina izany fa Lalàm-panjakana.

2005

Antananarivo, faha- 22 jona

**NY FILOHAN'NY  
ANTENIMERAMPIRENENA  
Mpisolo toerana**

**NY FILOHAN'NY  
ANTENIMIERANDOHOLONA  
Mpisolo toerana**

**RAZOARIMIHAJA  
Solofonantenaina**

**RAMILISON Max**





